

Torolalana fanamboarana zezika kompôsta 7 andro

FAMARITANA :

Ny kompôstazy dia fomba fanodinana ireo akora organika ho tonga singa mineraly sy roka, avy amin'ny alalan'ireo biby kely tsy hita maso na madinika miaina amin'ny toerana azon'ny oksizena sy mando.

Fifidianana ny toerana hanamboarana ny Kompôsta

Malalaka tsara, akaiky rano, somary mihilana kely mba hialana amin'ny rano mihandrona, voaloka sy voaaro amin'ny rivotra mba hiarovana azy amin'ny rivotra sy ny masoandro.



Fanomanana ireo akora ilaina

Zezipahitra 2 - 5 borety
- Ny zezik'omby no tena tsara
- Azo ampiasaina koa ny tain'ondry, ny tain'akoko sns, saingy ela vao mihena ny hafanan'ireo zezika ireo ka mila aotrika 3 volana mialoha



Ahitra na ravina maitso voatetika 1 borety
Azo anaovana kompôsta avokoa ireo raha organika na koa ny fako



Mololo na ravin-katsaka maina voatetika 1 borety



Akofa (ampombo mahery) antsasaka borety ka hatramin'ny 1 borety



Akofa nodorana antsasaka borety ka hatramin'ny 1 borety



Ampombo malemy arakaraka ny habetsaky ny kompôsta atao



Lalivy (Jereo ny fanamboarana lalivy)



Fanamboarana ny kompôsta

Rano madio 10 litatra



Lalivy 2 soto fihinanana



Ranom-pary na ranon-tsiramamy 2 soto fihinanana (Nalana tamin'ny taharana siramamy 10 soto safovavany + rano 1 kapo-bary)



Afangaro ao anatin'ilay rano 10 litatra ny lalivy 2 soto sy ny ranon-tsiramamy 2 soto



Lemana amin'ilay lalivy voatsatso ny ampombo malemy



Atao maimaina fa tsy lemana loatra



Afangaro tsara ny ravina lena voatetika, ny mololo voatetika, ny zezipahitra, ny akofa ary ny akofa nodorana




Rarahana tsikeliky amin'ilay ampombo malemy nolemana ary avadibadika mba hifangaro tsara



40% no hamandoana ilaina rehefa manafangaro ny akora
Poretina amin'ny tanana ny kompôsta ka :
- ampy ny rano raha mivaingana
- mikoatra raha misy rano mivoaka
- tsy ampy ny rano raha mbola tsy mitambatra



Atao ambony lafika mololo na ravin'akondro na ravinana na koa toerana voalalotra simenitra Atao 40 sm ny haavony



Saromana goelaka ka tsindriana zava-mavesatra eny amin'ny sisiny



Tafaina mba tsy ho azon'ny masoandro sy ny orana



21 FEPETRA TAKIANA

1- Ny hafanana ilaina (40 - 60°C)

- Atao antonony ny hafanana mba tsy ho faty ny bibikely miasa ao anaty kompôsta
- Tsy tantin'ny tanana mandritra ny 5 segondra ny hafanana raha mikoatra ny 60°C
- Mba kitazonana ny hafanana eo amin'ny 40 - 60°C dia :
 - avadika isaky ny adiny 8 (indroa isan'andro)
 - sakafana mandritra ny fotoana fohy

2- Fomba amantarana fa mety ny kompôsta (miseho 2 ka hatramin'ny 6 andro aorian'ny nanaovana ny kompôsta)

- Mamoaka fofona manakaiky ny alikaola
- Mafana
- Misy holatra fotsifotsy eo amboniny
- Tsy mifatratra



Foibe momba ny teny an'ny Akademia Malagasy